



FIARAHA-MIVAVAKA VENDREDI 2 OCTOBRE

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

"Les motifs d'une vie juste"

Eph 5.1-21

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 432.1-2

Vavaka

Teny fampidirana ny Ep 5.1-21

-HIRA 432.3

Vakiteny 1 Ep 5.1-7: Ho avy ny fitsarana

1Koa amin'izany dia aoka hanahaka an'Andriamanitra ianareo tahaka ny zanaka malala; 2ary **mandehana amin'ny fitiavana**, toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana. Gr. fanatitra alatsa-drà amin'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika. 3Fa ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra, na ny fieremana, dia aza avela hotononina eo aminareo akory aza, fa tsy mahamendrika ny olona masina izany, 4na fahavetavetana, na resaka fahadalana, na voso-dratsy, izay tsy tokony hatao, fa aleo misaotra. 5Fa fantatrarao marimarina fa samy tsy manana lova eo amin'ny fanjakan'i Kristy sy Andriamanitra na ny mpijangajanga rehetra, na ny olom-betaveta, na ny olona mierina (mpanompo sampy izany). 6Aza mety hofitahin'olona amin'ny teny foana ianareo; fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny zanaky ny tsi-fanarahana. 7Koa aza mety ho mpiombona aminy ianareo.

Fanazavana Fohy

HIRA 317.1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

-

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 2. Ep5.8-14 Ny vokatry ny mazava

8Fa maizina ianareo fahiny, fa efa mazava ao amin'ny Tompo kosa ankehitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava 9(fa ny vokatry ny mazava dia ao amin'ny fahatsarana rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahitsiana), 10mamantatra izay ankasitrahana'ny Tompo. 11Ary aza miray amin'ny asan'ny maizina tsy mahavoka-tsoa, fa aleo mananatra izany. 12Fa izay ataony ao amin'ny miafina, dia mahamenatra na dia ny milaza izany aza. 13Fa ny zavatra rehetra, raha anarina, dia asehon'ny mazava; fa na inona na inona aseho

dia mazava. 14Koa izany no ilazany hoe: **Mifohaza ianao izay matory, Ary mitsangàna amin'ny maty, Dia hampahazava anao Kristy.**

Fanazavana fohy **vokatry ny mazava**

HIRA 317.2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

-

VAVAKA MPITANDRINA.....

VAKITENY 3. Ep 5.15-17 Mandeha @ fahendrena

15Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, 16ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao. 17Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon'ny Tompo.

Fanazavana fohy

Hira 317.3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Fampiasana ny fotoana.....

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. Ep 5.18-21 Feno ny Fanahy Masina

18Ary aza ho mamon-divay ianareo, fa amin'izany dia misy fanaranam-po amin'ny ratsy, **fa aoka hofenoina ny Fanahy**, 19ka **mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy**, dia mihira sy **mikalo** ao am-ponareo ho an'ny Tompo, 20misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, 21sady mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy,

Fanazavana Fohy:

HIRA 317.4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

MALALAKA

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

KOL 3.1-4

1Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, Izay mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra. 2Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany. 3Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo

miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. 4Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin'ny voninahitra ianareo.

HIRA 445.3

TSO-DRANO